Seces Antananarivo 2

**Hampiato ny asany ireo mpampianatra an-tselika raha...**

Ny Valosoa sy Hadihady 3

**Tsy misy fepetra hentitra iarovana ny zatovo sy tanora malagasy**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Ampamoaka nataon-dRaissa 3

**Miandry ny Bianco sy ny CSM ny rehetra**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 9 may 2023 Laharana 1432 Vidiny : 600 Ar


Filoha Ravalomanana tany Atsinanana sy Analanjirofo 2

# Tsy maintsy tokony hiala ny fitondrana Rajoelina afaka 5 volana latsaka eo








Fahatapahan'ny jiro lava 7

## Tafintohina hatrany amin'ny Jirama ny mpanjifa maro



Ny Valosoa sy Fakafaka 2

## Marary mafy ny fahefana mpitsara eto amintsika



**Fizarana ny Prize Money** 6

Tsy rariny ny nataon'ny Federasiona hoy ny Barea zokiny sy zandriny

**Fifamoivoizana** 6

Potika tsy mety vita ihany koa ny RN2 sy ny RN5

**Daka kely**

Efa tsy andrin'ny vahoaka ny ahataperan'ny volana vitsy sisa hitondranareo ry Boaikely a !

FILOHA RAVALOMANANA TANY ATSINANANA SY ANALANJIROFO

# Tsy maintsy tokony hiala ny fitondrana Rajoelina afaka 5 volana latsaka eo

Feno dia feno ny fandaharam-potoanan'ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, sady filoha nasionalin'ny antoko TIM, tany amin'ny faritra Atsinanana sy Analanjirofo, tamin'ny faran'ny herinandro teo. Ny zoma teo, teo ny fihaonany tamin'ireo olom-boafidy TIM: depiote sy ben'ny tanàna teo aloha avy amin'ny faritra Atsinanana. Ny sabotsy, nanatrika ny fivoriamben'ny RMDM faritra Atsinanana, sy ny kongresim-paritry ny TIM faritra Atsinanana i Dada. Ny alahady maraina, niaraka niombo-bavaka tamin'ny kristiana, tao amin'ny FJKM Betela Fenoarivo Atsinanana ary ny tolakandro, nanome voninahitra ny kongresim-paritry ny TIM Analanjirofo tao Fenoarivo Atsinanana. Fahombiazana amin'ny ankapobeny ny fivoriamben'ny RMDM tao amin'ny faritra Atsinanana, sy ny kongresim-paritry ny TIM tao amin'ny faritra Atsinanana sy Analanjirofo, feno avokoa ny efitrano nanaovana izany, na ny tao amin'ny Magro Tanambao V Toamasina, na ny tany amin'ny Espace Saya Fenoarivo Atsinanana. Tao amin'ny renivohitry ny faritra Analanjirofo aza, feno ny tao anatiny, sy ny tany ivelan'ny toerana nanaovana ny fihaonana. Na tany Atsinanana, na tany Analanjirofo, nahatonga solontena avokoa ny avy amin'ny antoko TIM avy amin'ny distrika mandrafitra ireo faritra roa ireo. Nisongadina tamin'izany, fa noho ny fahasahiranan'ny firenena sy ny vahoaka amin'izao fotoana, miantso ny filoha Ravalomanana izy ireo hirotsaka hofidiana indray hanavotra ity firenena latsaka an-katerena ity. Nasongadin'ny filoha Marc Ravalomanana, fa tsy ilaina izany tetezamita izany, alefaso ny fifidianana hoy izy, hahafahana manarina haingana indray ny firenena, sy ho fanavotana ny vahoaka izay tena rendrika ao anatin'ny fahantrana sy ny fahasahiranana tokoa ankehitriny. Navoitrany ihany koa fa iray ihany ny Malagasy, noho izany tena fady ny fanavakavahana. Tokony ho laharam-pahamehana hoy izy ny fizakantenan'ny fitsarana. Mahakasika ny resaka fifidianana, fifidianana ho fanavotam-pirenena no ho tanterahana amin'ity taona ity. Tsy 2018 intsony koa ity 2023 ity hoy izy, tsy hanaiky lembenana amin'ny hala-bato sy ny hosoka intsony isika hoy ihany izy, na tao Toamasina, na tany Fenoarivo Atsinanana. Ho fiomanana amin'izany dia hajoro ny KMMR, komity manohana an'i Marc Ravalomanana, ho ao avokoa ny tsy TIM, ankoatra ny TIM amin'ny fanohanana azy. Tsy maintsy miala izao fitondrana Rajoelina izao rehefa tonga ny fotoana, izany hoe afaka 5 volana latsaka eo hoy ny filoha mpanorina, sady filoha nasionalin'ny antoko TIM, izany dia araka ny voalazan'ny lalampanorenana. Navoitrany ihany koa fa ny kongresy dia fihainoana ny hetahetan'ny rafitry ny antoko any ifotony ary hoentina mandritra ny kongresy nasionaly ho avy. Ireo rehetra nandray fitenenana kosa avy amin'ireo distrika ao Atsinanana sy Analanjirofo dia samy nanamafy, fa reraka ny vahoaka, marary ny firenena, ny filoha Marc Ravalomanana ihany no afaka hanasitrana izany hoy izy ireo. Nikarakara ny hetsika tany Atsinanana, ireo tompon'andraikitry ny antoko any an-toerana nahitana ny senatera teo aloha Randriantsalama Jacky, ny depiote teo aloha Voizy Blandine, ny filohan'ny DisTIM Atsinanana Andriamatoa Niaina. Ny mpitarika ny RMDM Atsinanana, ny senatera teo aloha Andriamatoa Remi, tany koa ny filoha lefitra nasionaly Pasitera Edouard Tsarahame. Tany Analanjirofo kosa, nitarika ny fanomanana ny ekipan'ny depiote teo aloha, Rasomotra, na Mananjara Fidison. Tonga tany an-toerana koa ireo depiote TIM isany, Fetra Ralambozafimbololona, Ramboasalama Emilien, Mamy Rabenirina, Rabekijana, Fidèle Razarapiera ary ny ben'ny tanànan'Ambohidrapeto Antananarivo Atsimondrano Mihary Andriantsilavo. Teo koa ny Birao politika nahitana ny Sekretera Jeneraly sy ny Mpandrindra nasionaly Rina Randriamasinoro, Jean Claude Rakotonirina ary Julien Andriamorasata.



*Ny filoha Marc Ravalomanana tany Analanjirofo.*

***Isambilo***

Seces Antananarivo

# Hampiato ny asany ireo mpampianatra an-tselika raha tsy mivaly ny fitakiany

Tsy hisy ny fampianarana eny amin'ny sekoly ambony Politeknika hanomboka anio Talata 09 Mey 2023, satria tsy hiasa intsony ireo mpampianatra mpikaroka an-tselika nohon'ny tsy fandraisan'ireto farany ny tambikaraman'izy ireo nanomboka ny taom-pianarana 2018-2019 lasa teo. Nanambara ny solontenan'ny mpampianatra an-tselika iray mitaky amin'ny fitondram-panjakana sy ny ministera mpiahy, mba haloan'izy ireo ara-drariny ny valin-kasasaran'ny mpampianatra an-tselika, no sady mitaky ny mangarahara amin'ny fomba fandraisana mpampianatra mpikaroka. Nanamafy ny solontenan'ny mpampianatra an-tselika eo anivon'ny Oniversite Antananarivo, fa mitaky ny fanajana ny sata mifehy ny mpampianatra an-tselika, mba hampirindra ny fampianarana sy ny asa rehetra izay ataon'ireto farany ary miantso an'ireo mpampianatra an-tselika any amin'ireo Oniversite manerana ny Nosy, mba hanatevin-daharana an'izao fitakiana izao. Nilaza ny Profesora Ravelonirina Sammy Gregoire, filohan'ny Seces sampana Antananarivo, fa manaitra ny fitondram-panjakana, mba handoa ny karaman'ny mpampianatra an-tselika efa ho 4 taona misesy izao ary tokony havoakan'ny fitondram-panjakana ny volavolana didim-panjakana miisa 5 ho fampiharana ny lalàna 2001/005. Nanamafy ny filohan'ny Seces Antananarivo, fa tokony havoakan'ny fitsarana avo momban'ny Lalam-panorenana ilay tolo-dalàna izay efa voarainy, izay tsy nahitam-baliny hatreto ary miantso ny mpampianatra mpikaroka, sy ny mpikaroka mpampianatra am-perin'asa sy an-tselika, mba samy ho tonga saina manoloana ny tsy fandraisana andraikitra ataon'ny fitondram-panjakana. Marihina fa hametraka taratasy mirakitra ny fitakiana eny anivon'ny Ministera mpiahy sy ny fiadidian'ny Oniversite ary ny Talen'ny sekoly ambony Politeknika ny mpampianatra an –tselika ary efa hampiato ny fampianarana ihany koa ireo mpampianatra an-tselika any amin'ny Oniversite Antsiranana hanomboka ny faran'ny volana Mey 2023 ho avy izao, raha tsy aloan'ny fitondram-panjakana ny karaman'izy ireo miaraka amin'ny ora fanampiny ho an'ny mpiasa raikitra.



*Ireo avy amin'ny Seces Antananarivo.*

***Franck Razakambelo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Marary mafy ny fahefana mpitsara eto amintsika

Tsy mandeha amin'izay laoniny ny fitantanana ny raharaham-pirenena ankehitriny. Misafotofoto ny raharaha raha mijery ny zava-misy sy mitranga eo amin'ireo fahefana andrim-panjakana telo lehibe, dia ny fahefana mpanatanteraka, ny fahefana mpanao lalàna ary ny fahefana mpitsara. Efa niaraha-nahalala ny zava-nitranga teo amin'ireo fahefana roa voalohany ny volana maromaro lasa izay. Itsy farany kosa, efa be izay raharaha nitranga teo anivony izay, fa vao mainka nipoitra indray ny "aretiny", ny alakamisy lasa teo teny amin'ny Fitsarana Anosy. Tsy marary fe marary fotsiny, fa tena marary mafy izany fahefana mpitsara izany eto Madagasikara. Nisy vahoaka nihiakiaka mafy teny namaky bantsilana ny zava-misy eo amin'ny raharaham-pitsarana. Nisy anaran'olona voatonontonona mazava teny izay milaza ny resaka volabe ankifonofono sy ambadika raharaham-pitsarana. Resaka volabe izay mampihifikia ny sarambabem-bahoaka izay tsy afaka hanana na hanome izany velively, fa ny sakafo hohaniny isan'andro aza mila tsy ho hitany sy karohiny mafy mba ho velona izy. Raha fintinina ny zava-nitranga, voahintohina indray ny fahadiovan'ny fitsarana, ary voadona mafy ny fitokisan'ny vahoaka ny fitsarana. Fitsarana efa very hasina teo imasombahoaka nandritry ny taona maro, indrindra hatramin'ny taona 2009 nisian'ny fanonganam-panjakana teto amin'ny firenena no mankaty amin'izao taona diavina izao. Mazava loatra, tsy maintsy misy akony eo amin'ny vahoaka ireny zava-nitranga teny Anosy ireny na dia tsy maneho fihetsika mivantana avy hatrany mamaly aza izy. Fa raha ho rano raraka andamosin'ny gana fotsiny isak'izay ny raharaha manahirana na maloto eto, dia hanahirana ny hisaina ny hihatsaran'ity firenena ity amin'ny hoavy. Handray leson-dratsy izay hitany sy iainany indray mantsy manoloana izany ireo zatovo sy tanora malagasy nambara mandrakariva fa antoky ny hoavin'ity firenena ity. Efa miseho matetika ny leson-dratsy amin'ny fiainam-pirenena eto, ary tsy mitsahatra ny mitombo isan'andro izany. Misy raharaha maloto, izay zary toa tsy hita ny fanadihadiana sy raharaham-pitsarana momba izany, ary tsy hita sy voasambotra izay atidoha rangory fototry ny afo na nikotrika izany. Misy tsimatimanota miriaria tsy voakitikitika, fa ny olona anaty fanoherana hatrany no lasibatra sy tsy iandrasana ela ny fisamborana sy ny famonjana azy. Leson-dratsy miseho avokoa eo amin'ny fitantanam-pirenena ankehitriny izany, ary tsy mbola ato ho ato no hitsaharany. Maro ireo zava-tsy fahita marina hatramin'izay, fa hita ato anatin'izao fitondrana Rajoelina izao.

***Sôh'son***

## TONONKALO

### Ny Fitsarana sy ny kolikoly

Kolikoly hatrany hatrany no hita be mibaribary,
Raha vao resaka mpitsara na polisy na zandary.
Ny mpitandro filaminana efa tena igagana,
Miampy izany ireo misehatra ao anaty fitsarana !

Tena zary mahatezitra ary mahalasa saina
Ny fisian'ireo voatana izay matetika afa-maina,
Fa narovan'ny vaventy ka dia lasana nitsoaka,
Ary any andafy hatrany no be vava sy mihoaka .

Misy ireo nampandosirina fa akama fozaorana.
Efa lasa vao avoaka irony didy fisamborana.
Tsy an'ireo izay manam-bola raha lazaina sy ambara,
Ireo karazan-tranomaizina eto Madagasikara !

Etsy ankilany dia misy ireo voatana tsy ara-drariny :
Tsisy zava-norobainy , tsisy zava-nangalariny.
Tena zava-tsisy dikany no antony anenjehana azy,
Nampaneno lakolosy dia indrisy niharan-tsazy !

Ireo izay fatra-pisolelaka mpanohana ny fitondrana
No mibaiko sy mifehy ny raharaham-pitsarana !
Izy ireo no avo vava sy miseho manjakazaka.
Resy tosika ny marina , ny ratsy no omena laka !

***TSIMIMALO (05-05-23)***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Tsy misy fepetra hentitra iarovana ny zatovo sy tanora malagasy

Naresaka sy nisarika ny sain'ny maro tato ho ato ny momba ny amin'ity resaka zavamahadomelina ity. Ny tena nanaitra dia ny fiparitahan'io zava-dratsy io eto amin'ny firenena ary ny zatovo sy ny tanora no lasibatra voalohany. Ny mampitahotra ihany koa sy ny ahiana mafy, dia ny fitombon'ny karazany sy heriny na ny daoziny. Efa lasa lavitra ny karazany izay misy tena mahery vaika, ary efa nisy ireo tanora malagasy namoy ny ainy vokatr'izany.
Toe-javatra mamoa-doza tsy voafehin'izao fitondrana izao izay milaza azy ho mahay lavitra mitondra firenena noho ireo hafa rehetra teo alohany ny mitranga. Efa aman-taonany maro izay no nitrangan'ny fidorohana zava-mahadomelina sy ny fihanahan'izany teto amin'ny firenena saingy narisarisa ny famongorana azy. Tamin'izay mantsy mbola tsy lasa lavitra toy izao mitranga izao ny zava-misy hany ka naka tsy taitra amin'ny fanenjehana sy ny famongorana azy ny tomponandraikitra isan-tsokajiny. Efa nisy ny lakolosy fanairana ny amin'ny fitrangan'izany eny amin'ireo zatovo sy tanora mpianatra tamin'ny faritra samihafa, fa zary mbola nilamindamina hatrany ny tomponandraikitra. Rehefa mahasambotra mpidoroka sy mpivarotra etsy sy eroa, dia asehoseho fa miàsa, dia vitan'izay. Tsy voakaroka anefa nandritra izany rehetra izany ny tena atidoha sy mpampiditra rongony sy mpanaparitaka izany eto amin'ny firenena. Ary tsy mbola voakaroka ziany mandraka ankehitriny isian'izaotranga efa lasa lavitra sy mamoadoza izao, fa nahoana?
Tandindomin-doza ny zatovo sy tanora malagasy tato anatin'ny taona maromaro farany izao. Tsy mampikoropaka ny fitondrana izany, fa ny mahamaika andraisany fepetra haingana, dia ny fikarohana ireo olona nikasi-tanana nanao herisetra ilay mpitondra bajajy nanao akanjo volomboasary tany Sambava satria. Eto anefa, efa ny tanora malagasy hoavin'ilay firenena mihitsy no tandindomin-doza lehibe. Iaraha-mahalala aloha, fa izao fitondrana izao, dia tsy manana politika mazava sy hentitra momba ny zatovo sy tanora malagasy. Ny hany ataony dia ny manaraka fotsiny izao onjan'ny fikorianan'ny zava-misy mitranga eto amin'ny firenena sy iraisam-pirenena. Midika izany, fa tsy manana fahaizana marina amin'ny fitondrana firenena izao fitondrana Rajoelina izao. Manamafy ny fiheverena fa mampanahy mafy ny lalan-kizorana sy ny hoavin'ity firenena ity, raha tsy misy fandraisan'ny vahoaka malagasy manontolo andraikitra, dia ny amin'ny alalan'ny fifidianana izany.

***Sôh'son***

TSY MIRAHARAHA FIFIDIANANA NY FITONDRANA

# Toa tsy ho voadinika eny Tsimbazaza ny lalam-pifidianana



*Ny lapan'ny Antenimierampirenena eny Tsimbazaza.*

Toa tena tsy miraharaha ny resaka fifidianana hatreto ny fifidianana, mbola tsy fantatra na ho voadinika na tsia eny Tsimbazaza sy etsy Anosikely ny momba ny resaka fanitsiana ny lalàm-pifidianana eto amintsika. Tsy tafiditra ao anaty ny lahadiniky ny fivoriana ara-potoan'ny Antenimierampirenena ny fanitsiana ny lalàna mifehy ny fifidianana. Ny Lalàna momba ny fananantany dia nataon'ny fitondrana teo aloha, kanefa nohavaozina. Ny Lalàna momba ny akoranafo dia nataon'ny fitondrana teo aloha, kanefa nohavaozina. Ny Lalàna momba ny fifidianana dia nataon'ny fitondrana teo aloha, kanefa tsy mbola fantatra na havaozina na tsia.
Izay mampety sy mitondra tombontsoa ho an'ny fitondrana Rajoelina no ataony, fa tsy izay lesoka manahirana na manakana ny fampiharana ny Lalàna. Dia azo heverina sahady izany, fa hitohy ny famonoana ny zon'ny olompirenena ho ataon'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalampanorenana na ny HCC, ary mbola hiriorio, sy tsy ho maty manota ireo manodinkodina ny safidim-bahoaka, raha izao no hitohy. Efa tonga saina anefa ny maro ankehitriny, ka heverina fa tsy hanaiky izany fanitsakitsahana lalàna samihafa ataon'ny fitondrana Rajoelina izany.

***Ny Valosoa***

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Hamerina ny tena Fihavanana maha malagasy

Ao anaty fifampiahiahina tanteraka ny malagasy amin'izao fotoana izao manoloana ny fifidianana izay hotanterahina. Ny olom-pirenena marobe sy fikambanana samihafa, indrindra ireo ao anatin'ny fanoherana no tena mametraka izay eo anatrehan'ny zava-misy sy mitranga tamin'ny toerana samihafa. Maneho izany ahiahy izany ihany koa ny eo anivon'ireo fiarahamonina sivily izay tsy mitsahatra milaza ny fahitany ny raharaha fanomanana ny fifidianana.
Tsy eo amin'ny sehatry ny fifidianana ihany no isian'izay tsy fifampitokisana izay, fa mitranga izany eo amin'ny sehatra maro samihafa eo anivon'ny fiaraha-monina. Niarahanahita tsara izany tamin' ireny fotoana niainana ny krizy mafy ara-pahasalamana teto amin'ny firenena ireny ka nisian'ny fizarana tamin'ny endriny na anarany samihafa ho fitsinjovana ara-tsosialin'ny vahoaka. Ny vahoaka, ny mpiara-miasa, ny fianakaviana na ny ankohonana mihitsy aza dia vakivaky noho ny resaka politika sy ny tontolon' izany hany ka nitriatra sy very mihitsy ilay fihavanana nampiavaka ny Malagasy. Ny teny hoe « fihavanana » rahateo dia miharihary fa tsy ampiasaina raha tsy efa amin'ny fotoana isiana fiarovana tombontsoa manokana amin'ny ankapobeny, fa tsy ilay tena « fihavanana » araka ny tena maha malagasy fahiny. Izany hoe miendrika atao fitaovana sisa ny ampiasana azy. Midika koa izany fa very ilay firaisankina sy ilay fototry mampirindra ny fiarahamonina, dia ny fifampitokisana.
Manana ny vinan'asany sy ny tanjony amin'ny famerenana io tena Fihavanana maha malagasy io ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) amin'izao fotoana izao. Efa vitany ny fanadihadiana lalina ny amin'izany tamin'ny fidinana ifotony manerana ny Nosy. Efa fantany mazava ny hetaheta sy ny fanirian'ny Malagasy momba izany. Noraketiny anaty boky ny vahaolana sy ny zotra na ny lalan-kizorana hahatongavana amin'izany. Voarakitra ihany koa anefa izany ao anaty gazety boky "Madagasikara Mampiombona", izy novokariny. Ho an'izay olom-pirenena liana ny amin'izany, dia azo jifaina tsara izany. Ny fifandraisana : 034 17 460 53.

***Aris***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Ampamoaka nataon-dRaissa
## Miandry ny Bianco sy ny CSM ny rehetra




**Andrianjakahasina Rasamimanana :** Aiza n'y BIANCO Sy CSM tsy manokatra Fanadihadiana @ ireny Ampamoaka lazain'i Raissa ireny? Raissa anie izany ka VAVOLOMBELONA e!

**Jaovato Escobar :** tsipaky ny miala aina reny e!

**Niaina Prisca Rkt :** ka Raissa koa ary enjehin'ny Bianco satria manao kokikoly.

**Steny Hery :** sady vavolombelona velona hitamaso no Actif koa ao anatin'ilay izy. Donc, mety mbola hiampy sazin'i Raissa io kkkkk!

**David Jackson Tsiverilaz :** style fotsiny ireny, fa raha mangalatra akoho ianao dia ampanantsoin'ny Bianco maraina atoandro hariva.

**Jean Rhobie Tsimanavaka :** tsy ahoan-dreo io... Andriamia Kona : efa miasa ny Bianco, ka dia ireny navokany ireny. Ny asan' ny Bianco anie ka anenjika izay manelingelina ny fitondrana e!

**Andrianjakahasina Rasamimanana :** ny BIANCO anefa Dia milaza fa n'y Olompirenena rehetra dia afaka manao FITOROHANA daholo n'a Dia tsy Mitonona anarana (anonyme) aza n'y mpitory. Ity anefa Dia i Raissa mihintsy no MITONONTENA, fa nanao kolikoly t@ olona ambony ao@ Fitsarana, Ary mijoro ho VAVOLOMBELONA. Naka ny volany ny SG, havereno ny volako SG hoy izy.

**Rakotonirina Hasina Raody :** jereny sy henoiny fotsiny angamba ireny.

**Kona Ratsirahonana :** fanjakana masoso... Andrianjakahasina Rasamimanana : tsy mila mianatra eny @ ENMG Dia mahafantatra fa nisy resaka KOLIKOLY tao raha tsy sahy mitoroka an'i Raissa ireo nohampangainy KA TOKONY HIHETSIKA NY BIANCO.

**Harry Rakotobe :** ssssss resaky ny Moana sy ny marenina ity ramatahora sy ny fampiharan-dalàna eto ity.

**Rapasy Lenom :** ny tena mila atao fanadihadiana koa zao dia hoe taiza no nahitan'i Raissa volabe amina miliara hanaovana pot de vin na kolikoly? manankarena ihany lay Malagasy, fa tsy arak'ilay tatatata hoe mahantra fadiranovana.

**Andrianjakahasina Rasamimanana :** Rapasy Lenom : ireo mpiasan'ny Fitsarana Fanetriben'ny Firenena Mpanao KOLIKOLY no hanaovana Fanadihadiana.

**Tsiresy Nantenaina :** Madagougou beuuu ! Tsy mahagaga.

**Richard Jaobe :** mila olona sahy mijoro miaro ny Marina ity firenena ity...

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fahatongavan'ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny TIM sy ny RMDM tany Toamasina faritra Atsinanana ny zoma teo.





Ny filoha Marc Ravalomanana, nihaona tamin'ireo olom-boafidy depiote sy ben'ny tanàna teo aloha avy amin'ny antoko TIM, any amin'ny faritra Atsinanana.









Sady nanomana ny kongresy ny TIM Atsinanana, no nanentana ny mponina hanaramaso ny lisi-pifidianana, ny tanora TIM Toamasina.





## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Fa Izy no nihavian'izao zavatra rehetra izao, ary Izy no mihazona azy, sady Izy koa no antony; Izy anie no homem-boninahitra mandrakizay. Amena."*

***Romana 11:36***

**CHAMPIONNAT N1A HOMMES BASKET - CONFÉRENCE OUEST**

# Ekipa roa no tsy tonga




*Basket N1 A tany Mahajanga.*

Ekipa roa tamin'ireo 6 voafaritra tany ampiandohana, fa handray anjara no tsy tonga any Mahajanga mandray anjara amin'ny fifaninanana basikety « Championnat national N1A Hommes 2023 Conférence Ouest », izay nanomboka tamin'ny alarobia 03 mey 2023 lasa teo ka tsy nifarana raha tsy ny alahady 07 mey 2023 teo, dia ny SEBAM Boeny sy ny MB2ALL Analamanga. Ekipa miisa 4 izany sisa no niatrika an'ity fifaninanana ity dia ny ASCUT Atsinanana , GNBC Analamanga, MBC Atsinanana ary ny AS Fanalamanga. Voka-dalao (homologués) ny andro voalohany alarobia 03 mey 2023 : As Fanalamanga Alaotra Mangoro (76) Mbc Atsinanana (76), Ascut Atsinanana (56) – (53) Gnbc Analamanga. Voka-dalao (homologués) ny andro faharoa alakamisy 04 mey 2023 : Gnbc Analamanga (81) – (41) Mbc Atsinanana, Ascut Atsinanana (73) – (55) As Fanalamanga Alaotra Mangoro. Ny zoma teo dia nifampitana tao amin'io Complexe Sportif Mahajanga io hatrany ny Gnbc Analamanga sy ny As Fanalamanga Alaotra Mangoro an-daniny ary ny Mbc Atsinanana sy ny Ascut Atsinanana an- kilany teo amin'ny andro faha-3 ary tamin'io llao io ihany koa, no nanatanterahana ny fivoriana « réunion technique (Préparation Coupe de la ligue Boeny) ». Ny sabotsy no nanatanterahana ny « Demi-finale coupe de la ligue Boeny » ary ny alahady 07 mey 2023 no nanatanterahana ny lalao famaranana .

***Rainilita***

**"FIBA 3x3 World Cup Qualifier 2023"**

# Notanterahana tany Eilat Israel ny fifaninanana



*Ny Ankoay 3x3 vehivavy tany Israel.*

Nanomboka ny sabotsy 06 teo ary nitohy ny alahady tao amin'ny Ice Mall "centre commercial" Eilat Israel ny fifaninanana basikety "FIBA 3x3 World Cup Qualifier" lahy sy vavy. Ny "Israeli Basketball Association" no mpikarakara ny hetsika, izay teo ambany fiahian'ny FIBA mazava loatra. Teo amin'ny sokajy vehivavy no nandray anjara isika Malgasy ka efa tany an-toerana hatramin'ny fiandohan'ny herinandro teo ireo ekipa Ankoay vehivavy . Tsiahivina ireo vondrona 2 tamin'izany sokajy izany : Pool A : Czech Republic, Autralia, Madagascar, Pool B : Israel, Switzerland, Colombia. Ireo ao amin'ny sokajy lehilahy kosa : Pool A : Israel, New Zealand, Hungary, Pool B: China, Rwanda, Trinidad & Tobago.

***Rainilita***

**"Championnat Asief Analamanga 2023"**

# Baolina kitra, basket- ball ary volley-ball no natrehana ny sabotsy teo



*Lalao basket- ball Asief 2023.*

Nitohy ireo fifaninanana samihafa amin'ny fifaninanana "Championnat Asief Analamanga 2023", ka ny lalao Baolina kitra, basket- ball ary volley-ball no natrehana ny sabotsy teo. Fandaharandalao basikety baolina ny sabotsy io teny amin'ny kianja Toby Ratsimandrava Andrefan'Ambohijanahary : 7:30-DA : MID # EMA, 8:30-DA : MEDD # MEN, 9:30-DB : SENAT # METFP, 10:30-DB : CUA # MJS, 11:30-JA : PAOMA # DGBF, 12:30-JA : MESUPRES # MJS. Fandaharan-dalao Baolina kitra sabotsy 6 mey 2023 Kianja Amboanjobe : VB-CUA # MDN, S1D-MDN # PRM, VA-UA/DEGS # MSP, S1B-OFMATA # EMA, S1C-APMF # MEN. Kianja Antanetibe Ivato : S2B-DGBF # MID, S2C-PRIMA # METFP, S2A-HCC # MTP, S2B-SENAT # MPEB, S2C-MNDPT # MEDD. Kianja Tongarivo : C-UA # MNDPT, A- TRESOR # SANTE, A-CUA # MSP, D-AN # MTP, B-MEF # PRIMA. Fandaharan-dalao Volley ball asabotsy 6 mey 2023 eny amin'ny kianja Ltp Ampefiloha manomboka amin'ny 8 ora : - MEN # SANTE, MEF 2 # APMF, GENDARMERIE N # PRIMATURE.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Amalona ritra indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso ananambo sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba natoraly fiarovana ny aretina AVC sy aretimpo

Fomba natoraly fiarovana ny aretina AVC sy ny aretimpo na crise cardiaque indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina: tongolo gasy hasiny 3 voatoto, rano 1 kaopy na vera 250- 300 ml, rano tsotra tsy mafana tsy mangatsika. Menaka olive 1 sotro kely.

Alefa anaty rano ny tongolo gasy voatoto , dia asiana huile d'olive, afangaro tsara ireo dia andrasana 15 min vao sotroina.

Maraina mbola tsy misakafo no misotro azy.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Ambohibe distrikan'i Vavatenina faritra Analanjirofo

Ny tanànan'Ambohibe distrikan'i Vavatenina faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambohibe ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 10 mandrafitra ny distrikan'i Vavatenina. Any amin'ny faritra atsimon'ny faritra Analanjirofo no misy. Mbola tsy dia avo toerana izy, satria 217 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny haninkotrana isan-karazany toy ny mangahazo, ny vomanga, ny soanambo. Ny voankazo toy ny letchi, ny ampalibe, ny akondro.



PEACE CORPS AMERIKANA

# Nanao fianianana ny mpilatsaka an-tsitrapo miisa 21 vaovao

Nitombo isa ireo mpilatsaka an-tsitrapo amerikana avy amin'ny Peace Corps miasa eto Madagasikara. Miisa 21 ireo mpilatsaka an-tsitrapo Peace Corps vaovao, izay nanao fianianana ny herinandro teo, teto Antananarivo, teo anoloanan'ny Mpanolontsaina Voalohan'ny Ambasady Amerikana Tobias Glucksman, izay tafiditra ao anatin'ny famerenana tsikelikely ny asan'io rafitra io, taorian'ny fampodiana faobe ireo mpilatsaka an-tsitrapo vokatry ny valan'aretina Covid-19 tamin'ny taona 2020. Talohan'ny fianianany dia nianatra momba ny teny sy kolontsaina Malagasy nandritra ny 12 herinandro ireo mpilatsaka an-tsitrapo, sady nanamafy ny fahaiza-manao ara-teknika. Mivonona handeha ho any amin'ny toerana misy ireo tetikasany eto Madagasikara izy ireo ankehitriny ary hiasa any mandritra ny roa taona. Ireo mpilatsaka an-tsitrapo rehetra ireo dia hiasa amin'ny sehatry ny fahasalamana ary hanohana ny asa eny anivon'ny toeram-pitsaboana CSB hanatsarana ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza, ny fahazoana fisotro madio sy ny fidiovana ary ny fanatsarana ny fahasalamana ara-pananahan'ny tanora. Ny Mpanolotsaina Voalohany Glucksman dia nanipika, fa ireo mpilatsaka an-tsitrapo dia ambasadaoron'ny kolontsaina amerikana. "Ianareo dia hampiseho isan'andro ny fomba fiaina sy ny soatoavina amerikana," raha ny nambarany. "Mahatoky aho fa hasehonareo ny vahoaka Malagasy izay tsara indrindra avy any Amerika."



*Ireo mpilatsaka an-tsitrapo ao amin'ny Corps de la Paix Amerikana, nanao fianianana.*

Ny Talen'ny Peace Corps Madagascar Brett Coleman indray dia nilaza fa "ireo andiany voalohany amin'ny mpilatsaka an-tsitrapo, izay tonga taorian'ny Covid tamin'ny volana Aogositra 2022 dia miasa amin'ny sehatry ny fanabeazana sy ny fambolena. Taorian'ny fianianana natao dia handray ny asany ireo andiana mpilatsaka an-tsitrapo hiasa eo amin'ny sehatry ny fahasalamana ary sambany taorian'ny fampodiana faobe tamin'ny volana Martsa 2020, no ho feno mpilatsaka an-tsitrapo ireo sehatra telo tohanan'ny Peace Corps. Faly izahay manavao indray ny fiaraha-miasa amin'ireo vondro-piarahamonina izay hiasan'ireo mpilatsaka an-tsitrapo vaovao ireo."

Amin'ny volana Septambra 2023 dia hisy mpilatsaka an-tsitrapo Peace Corps vaovao miisa 35 ho avy hiasa eo amin'ny sehatry ny fambolena ary hanohana ireo ezaka eny ifotony, indrindra ireo fambolena mifandraika amin' ny fiovan'ny toetrandro hiadiana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo. Ny fianianana izay hataon'izy ireo amin'ny volana Novambra dia hifanindry amin'ny tsingerin-taona faha-30 niasan'ny Peace Corps teto Madagasikara. Ny Peace Corps dia manantena fa ho tafaverina amin'ny endriny talohan' ny valan'aretina Covid-19 ny asan'izy ireo eto Madagasikara ato anatin'ny roa taona ka hahatratra 150 indray ireo mpilatsaka an-tsitrapo am-perinasa.

Tamin'ny taona 1961 no noforononin'ny Filoha Amerikana John F. Kennedy ny Peace Corps. Hatramin'ny fotoana nijoroany, ny Peace Corps dia nifantoka hatrany tamin'ny fampiroboroboana ny fandriampahalemana manerantany, sy ny fihavanana ary tsy nivoana tamin'izany. Nanomboka ny taona 1961 dia nihoatra ny 241.000 ireo mpilatsaka an-tsitrapo niasa tamin'ny firenena 141 ka ny 1.616 tamin'ireo dia niasa teto Madagasikara avokoa.

***Aly***

Mpanjaka Charles III

# Voapetraka ny satro-boninahitra maha mpanjakan'ny Royaume-Uni azy

Voapetraka ny sabotsy teo ny satro-boninahitra mahampanjakan'ny Royaume-Uni de Grande Bretagne ny mpanjaka Charles III. Vahoaka an-tapitrisany maro maneran-tany no nanaraka mivantana izany lanonana izany, tamin'ny fahitalavitra avy any Londres. Noho ny maha-zava-dehibe izany lanonana izany ho an'ny Britanika, tsy vitsy koa izy ireo no niverina an-tanindrazana tamin'io fotoana io, niatrika izany fotoana anisan'ny lehibe ho an'ny mpanjaka sy ny fanjakana Britanika izany. Ny Arsevekan'i Canterbury, Justin Welby, 67 taona, mpitondra fivavahana Angilkana, sady teolojiana britanika no nitarika ny sorona masina sy nanolotra ny satro-boninahitra ho an'ny Mpanjaka Charles III ny sabotsy 6 mey teo io. Mbola ity Arseveka ity ihany koa no nihira voalohany ny hiram-pirenena Britanika: "God save the King", izay nanakoako tao amin'ny Lapan'i Abbey Westminster. Niarahaba sy nanome voninahitra ny Mpanjaka Rainy koa ny Printsy hisolo toerana any aoriana: ny Printsy William: Prince of Wales. Rehefa vita ny fametrahana ny satro-boninahitry ny Mpanjaka Charles III tao amin'ny Lapan'ny Abbey Westminster, nihazo avy hatrany ny Lapan'i Buckingham Palace izy sy Camilla Mpanjakavavy vadiny. Nitohy ny alahady ny lanonana tany Londres.

***Stefa***

Orange Pro-League Malagasy 2022-2023

# Nanomboka tamin'ny alarobia ny "PLAYOFFS"

Nanomboka tamin'ny alarobia teo ny dingana "PLAYOFFS" amin'ny fifaninanana baolina kitra "« Orange Pro-League Malagasy 2022-2023»". Io no fantatra nandritra ny valandresaka hoan'ny mpanao gazety nataon'ny CEFM mpikarakara an'izany fifaninanana izany, tetsy amin'ny efitrano fivoriana ao amin'ny kianjaben'i Mahamasina tamin'ny alarobia io, tao aorianan'ny fivoriana niarahan'ny mpitantana azy niaraka tamin'ny solontenan'ireo ekipa 8 sisa hiatrika ny dingana manaraka. Ireo lalao ¼-dalana mandroso no nanombohana an'izany dingana izany tamin'io alarobia io, sy ny alakamisy teo ihany koa, ka nikatrohan'ny Ajesaia # Cffa (kianja sentetika Ambohidratrimo), sy ny As Fanalamanga # Elgeco Plus (kianja "Barikadimy Stadium Toamasina"). Amin"ny faha-10 sy faha-11 jona 2023 ho avy izao kosa no hanatontosaina ny 1/2-famaranana mandroso amin'ity dingana "Playoffs" ity ary ireo lalao miverina kosa dia hatao amin'ny 24 jona 2023. Ny lalao famaranana izay hatao eo amin'ny kianjan'i Mahamasina dia ho tanterahina amin'ny 2 jolay 2023. (Marihana fa tsy nisy novana ny « règlement de compétition » an'ity fifaninanana ity). Nazava ihany koa ny fanazavana azo tetsy Mahamasina tamin'ny alarobia, fa hiantohan'ny fanjakana izay ho tafavoaka ho tompondaka amin'ity fifaninanana ity, amin'ny fandraisany anjara amin'ny lalao afrikana ho avy. Marihana kosa eo amin'ity fifaninanana « Orange Pro-League Malagasy 2022-2023 » ity, fa nisy ny fanatanterahana an'ireo lalao tara niisa 2 tamin'ny alakamisy 04 mey 2023 lasa teo, ka tany amin'ny kianja monisipalin'Antsiranana izay, nresin'ny ekipan'ny ASA Diana 3 - 0 ny ekipan'ny Tia Kitra Fc Toamasina. Tany amin'ny kianja Mâitre Kira Andaboly Toliara kosa, no nifanandrinan'ny 3Fb Toliara sy ny Disciples Fc .

***Rainilita***




*Ny CFEM tetsy Mahamasina.*

Fifamoivoizana

# Potika tsy mety vita ihany koa ny RN2 sy ny RN5

Potika tsy mety vita amin'izao fotoana ny lalampirenena mihazo ny faritra atsinanan'i Madagasikara iny dia ny RN2 sy ny RN5 izany, ny RN2 mampitohy ny renivohitra sy ny renivohitra ara-toekaren'i Madagasikara ary ny RN5 mampitohy an'I Toamasina Fenoarivo Atsinanana, Soanierana Ivongo, ka hatrany Mananara Avaratra sy Maroantsetra. Tena sahirana ny mpampiasa ireo lalana ireo ankehitriny noho izay fahasimbany izany. Ny RN2, any amin'ny ora 11 na 12 any vao vita. Ny RN5 raha ny mampitohy an'i Toamasina sy Fenoarivo Atsinanana raha tokony ho vita ora roa, ora 4 sy sasany na mahery vao vita amin'ny ankapobeny. Very ny fotoana ho an'ny mpandeha, potika ny fiarakodia ho an'ny olon-tsotra sy ny mpitatitra. Efa tsy hita intsony izay itarainana hoy ireo mpandeha mampiasa izany lalana izany, sy ireo mpitatitra, mpandraharaha, sns… amin'iny faritra atsinanan'ny Nosy iny. Ny mpitondra kamiao dia efa mandrahona ny hitokona, ka dia ho hita eo ny ho tohiny, fa tena efa lasa lalam-potaka ny lalampirenena.

***Aly***

Fizarana ny Prize Money

# Tsy rariny ny nataon'ny Federasiona hoy ny Barea zokiny sy zandriny

Tsy rariny ny nataon'ny Federasiona Malagasin'ny baolina kitra (FMF), hoy ireo mpilalaon'ny Barea zokiny sy zandriny nampikapeo, mahakasika ny vola azon'ny Barea Chan tany Algerie farany teo, tamin'ny Chan 2023, nahazoan'izy ireo laharana faha-3 tamin'izany fifaninanana kaontinantaly eo amin'ny baolina kitra izany. Nahazoan'izy ireo medaly volafotsy sy vola mitentina 500.000 dolara amerikana na 2.205 tapitrisa ariary eo. Tsy tokony hisy hidiran'ny ligy sy ny klioba mihitsy hoy izy ireo, ny vola tokony ho azon' ireo mpilalao tamin'ny Barea Chan ireny, izy ireo no niady mafy, ka tokony homena azy ny valin-kasasarany, sy ny nitsembohany. Tsy tokony ho ny 30% monja no nomena azy ireo, fa tokony ho ny ampahany betsaka, na ny vola manontolo mihitsy aza hoy ny maro, zarain'ireo mpilalao, sy ny mpanazatra ary ireo tena nikarakara mivantana ireo mpilalao nandritra iny Chan 2023 iny.

***Lita***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 29/04/2023 hatramin'ny 06/05/2023**

- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81 / 020 22 350 80
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41 / 034 11 264 41 / 034 11 264 42 / 034 11 264 50
- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21 / 033 74 154 87 / 032 26 859 84
- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03 / 034 22 370 03
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37 / 033 11 650 36 / 034 98 379 12

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1432-04-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

RANOMASIMBE INDIANA

## Mpamokatra trondro thon na lamatra faharoa eran-tany

Mpamokatra trondro na hazandranomasina thon, na lamatra faharoa eran-tany ny Ranomasimbe Indiana, izay misy an'i Madagasikara amin'izao fotoana, ao aorian'ny Ranomasimbe Pasifika. Tandindonin-doza anefa ity sehatra iray amin'ny toekarena manga ity eto amintsika, noho ny fahasimban'ny tontolo iainana an-tanety, izay misy fiantraikany amin'ny toekarena an-dranomasina. Noho izay antony izay, nisy ny fikaonandoha momba ity sehatry ny jono ity ny herinandro lasa teo, nandraisan'ny solontenan'ny mpisehatra rehetra anjara, ny avy amin'ny ministeran'ny jono, ny mpandraharaha amin'ity sehatra, ny solontenan'ny mpanjono,… Raha ity vokatra ity, faharoa eran-tany koa ny lamatra eo amin'ny tsena iraisam-pirenena, ao aorian'ny patsabe, na tsitsika, na crevettes. Ankoatra ny fahasimban'ny tontolo iainana an-dranomasina, anisan'ny mampihena ny vokatra lamatra koa amin'izao fotoana, ny fanjonoana be azy tafahoatra tsy misy fetrany, voajono hatramin'ny zana-trondro, eo koa ny fahapotehan'ny atody, noho ny fahasimban'ny ala honko, ireo mpanjono tsy manara-dalàna sy tsy ara-dalàna koa dia mampihena izay vokatra thon izay. Araka ny tatitry ny WWF (World Wildlife Fund), ny 48.7% ny jono lamatra tamin'ny firenena miisa 5 dia Afrika Atsimo, Mozambika, Tanzania, Kenya ary Madagascar dia tsy ara-dalàna avokoa teo anelanelan'ny taona 2015 ka hatramin'ny taona 2021. Mitana ny anjara toerany lehibe eo amin'ny toekarena manga tokoa ny jono lamatra, ka tokony harovana izany, mba tsy hihena na ho ringana sanatria izany vokatra izany.

***Aly***



*Lamatra, na thon amin'ny fari-dranomasin'i Madagasikara.*

Fahatapahan'ny jiro lava

## Tafintohina hatrany amin'ny Jirama ny mpanjifa maro

Tafintohina hatrany ny amin'ny orinasa Jirama hatrany ny mpanjifa maro tato ho ato, noho ny fahatapahan-jiro lava, ary tsy ny jiro ihany, fa eo koa ny fahatapahan-drano, izay tsy mandeha raha tsy amin'ny alina be amin'ny faritra sasany.
Tato ho ato dia mpanjifa maro no tafintohina tamin'ny fahatapahan'ny jiro sy rano teto an-drenivohitra. Ny resaka rano dia efa ela tokoa ary vao maraina be dia efa tapaka tsy misy anaovan-draharaha, tsy misy hidiovana na hanasana fitaovana samihafa isan-tokantrano mihitsy. Fokontany maro no voalaza fa mijaly tokoa amin'ny resaka rano eny amin'ny paompy, noho ny rano tapaka nefa tsy maintsy miandry filaharana, mandahatra fitaovam-pantsakana, ary ireo eny amin'ny toerana fanasandamba dia afa-baraka tokoa satria tapaka am-perin'asa ilay rano fanadiovana, ka miandry ny rariny eo.
Rehefa tapaka ny rano sy jiro dia midika fa tsy fahombiazan'ny Jirama sy ny mpitondra fanjakana izany, nefa raha vao mitohy miverina ora vitsivitsy taorian'izay, dia miantsoantso ny sasany fa fampielezan-kevitra izany. Tsorina fa mety hitranga matetika ny toy izany, ka rehefa akaiky ny fotoam-pifidianana dia sady mamelaka teha-maina no manambitamby ny ekipan-dRajoelina, na propagandy manara-penitra diso fiantefa. Ny jiro koa moa dia fahatapahana lavareny no nitranga tato ho ato, ma-




robe ireo olona mitaraina satria simba avokoa ny fitaovana mandeha amin'ny rianaratra, ka mampimenomenona ny mpiara-monina. Fantatra ihany koa, fa betsaka ireo olona tehampiditra jiro avy amin'ny Jirama izay handoavana vola telo alina ariary, nefa ambaran'ny sasany, fa fanohanana sahady an-dRajoelina sy ny ekipany na ireo volom-boasary manara-dia azy no tena fonosin'izany, hoy ireo mponina eny Avaradrano sy tanàna maro, ka anaovany antsoantso sahady, mba hitodi-doha aminy rehefa tonga ny fotoam-pifidianana, izay hita sy tsapa fa tambitamby amin'ny fomba tsy mazava tokoa, nefa dia manomehery sahady koa ny mpanohitra marobe eto amin'ny firenena. Ny tsy fahafehezana ny angôvo: jiro sy rano, ny resaka lavanila, ny trosan'ny mpiasa amin'ny sehatra maro samy hafa tsy voaloa, sns… dia mampihena hatrany ny fitiavan'ny maro izao fitondrana Rajoelina, tsy mahay mitantana sy mpandainga ary mpampijaly vahoaka izao.

***Beharo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 431**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0430)

***Mitsivalana***
- Ilaozana
- Mando – OM
- Dimy
- Ror(a) – Anio
- Basy (miv) – Ora
- Nanome
- AA – Lma

***Mitsangana***
- Imerina
- La – Osa
- Andrana
- Ody – BOA
- Zoma
- Leony (miv)
- No – Ia
- Amboara

### TENY MIFANAPAKA N° 431




**Mitsivalana**

**1.** Manao sangisangy **2.** Taranaka mamboly (miv) – Fanafohezana ny minitra **3.** Maneho ny fiangonana **4.** Hazo maro – Ohatra – Ranom-bava **5.** Atao amin'ny fomba mora **6.** Tiany, iriny **7.** Tampisaka – Alon-dranomasina **8.** Marika – Ao amin'ny fery **9.** Karatra matanjaka – Ankizy kely taona – Naoty **10.** Tovano – Volana

**Mitsangana**

**A.** Miahiahy, kanosa **B.** Biby (miv) – Reraka, tsy ampy hery **D.** Nalahatra tsara, tsy mikorontana **E.** Lavitra – Harena (BL) – Zandarimaria **F.** Nanaovanay antsoantso tsy fankatoavana **G.** Mpisolo tena – Voaray, tra-tehaka **H.** Fanontaniana **I.** Mahazo tampoka tsy ampoizina **J.** Nivadika zavatra hafa – Fototongotra **K.** Fanitarana – Zava-maniry masiaka

### Valiny Teny mifanaraka 0430

**Mitsivalana**

**1.**Hasasarana **2.** Ivy - O.I **3.** Tononkalo **4.** Sotro - Piso **5.** Arovy **6.** Reny - (V)al(o) **7.** Alika (miv) - Atao (miv) **8.** Nenina - Tao **9.** Fitiavana (miv) **10.** Aia ? - Divay

**Mitsangana**

**A** Hatsarana **B.** OO - Ekena **D.** Sintoninay **E.** Rova (miv) - Avily (miv) **F.** Sinoa - Ana **G.** Ra - Dia (miv) **H.** Roapolo - Ti **I.** Vilia (miv) - Vita (miv) **J.** Osy - Tafa **K.** AG - Hao

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny filoha Marc Ravalomanana, niaraka niombo-bavaka tamin'ny kristiana, tao amin'ny FJKM Betela Fenoarivo Atsinanana ny alahady teo.






Ny kongresim-paritry ny antoko TIM Atsinanana, sy ny fivoriambe ny RMDM Atsinanana, tao amin'ny Magro Tanambao V Toamasina ny sabotsy teo. Feno hipoka ny toerana.












Ny kongresim-paritry ny TIM Analanjirofo tao amin'ny Espace Saya Fenoarivo Atsinanana. Feno ihany koa ny toerana n any tao anatiny, n any tany ivelany.



